# Fifehezana fotopampianarana ho an'ny Testamenta Vaovao: Fitsapam-pahaizana 1

TESTAMENTA VAOVAO: BOKY TOROLALANA HO AN'NY SEMINERA

## Andinin-tsoratra masina fifehezana fotopampianarana

Ho an'ny fanontaniana 1–3, dia soraty eo amin'ny banga eo akaikin'ny andian-teny tsirairay ny tarehintsoratra maneho ilay toko sy andininy mifandray amin'izany. Iangaviana ianao mba tsy hampiasa ny soratra masinao amin'ity ampahany amin'ny fitsapam-pahaizana ity.

1. _____ "Raha misy olona tsy ateraky ny rano sy ny Fanahy, dia tsy mahazo miditra amin'ny fanjakan' Andriamanitra izy."
2. _____ Nandidy i Jesoa Kristy ny handraisana ny fanasan'ny Tompo "ho fahatsiarovana ahy."
3. _____ "Mankanesa aty amiko, ianareo rehetra izay miasa fatratra sy mavesatra entana, fa Izaho no hanome anareo fitsaharana."

a. Matio 11:28–30
b. Lioka 2:10–12
d. Lioka 22:19–20
e. Jaona 3:5
f. Jaona 3:16

## Ireo andian-teny manan-danja ao amin'ny soratra masina

Ho an'ny fanontaniana 4–6, fenoy an'ireo teny tsy ao ny banga ao amin'ireo andian-teny manan-danja ao amin'ny soratra masina fifehezana fotopampianarana. Iangaviana ianao mba tsy hampiasa ny soratra masinao amin'ity ampahany amin'ny fitsapam-pahaizana ity.

4. Ary hoy Jesoa taminy, " __________ anao ny __________ ny __________." (Matio 16:15–19)
5. "Fa Mpamonjy no __________ anio ao an-tanànan'i Davida __________, dia Kristy __________." (Lioka 2:10–12)
6. "Fa ny __________ tsy mba __________ sy __________, tahaka izao ahitanareo Ahy izao." (Lioka 24:36–39)

Azonao atao ny mampiasa ny soratra masinao amin'ny ambin'ny fitsapam-pahaizana.

Ho an'ny fanontaniana 7–9, dia mitadiava andinin-tsoratra masina fifehezana fotopampianarana iray na maromaro izay afaka manampy olona ao anatin'ireto toe-javatra manaraka ireto.

| | |
|---|---|
| 7. Mandritra ny fiarahanao amin'ireo misiônera dia misy olona manontany raha toa ka tena ilaina atao batisa izy ireo na afaka manaiky an'i Jesoa Kristy ao am-pony tsotra fotsiny. | |
| 8. Mandritra ny Sekoly Alahady dia manontany ny mpikambana iray ao amin'ny paroasinao hoe ahoana no ahafahan'izy ireo mahafantatra fa avy amin' Andriamanitra ny fotopampianarana izay ampianarina ao amin'ny Fiangonana. | |
| 9. Misy olona iray manomana lesona ho an'ny takarivan'ny mpianakavy mikasika ny fomba ahafahantsika ho lasa mpianatr'i Jesoa Kristy tsara kokoa. | |

NY FIANGONAN' I
JESOA KRISTY
HO AN' NY OLOMASIN' NY
ANDRO FARANY

© 2023 an'ny Intellectual Reserve, Inc. All rights reserved. Dikanteny: 2/21. Fandikana ny *New Testament Doctrinal Mastery: Assessment 1.* Malagasy. PD60012661 654. Natonta tany Etazonia Amerika.

Ao amin'ny fanontaniana 10–11, asehoy ny fahalalanao momba ireo fitsipiky ny fahazoana fahalalana ara-panahy sy ny fahaizanao mampiasa izany.

10. Ahoana no hanazavanao ireto fitsipika telo momba ny fahazoana fahalalana ara-panahy manaraka ireto amin'ny olona iray izay tsy mahafantatra ny momba izany?
    a. Manao asa amim-pinoana

    b. Mamakafaka ireo hevi-dehibe sy ireo fanontaniana amin'ny fomba fijery mibanjina ny mandrakizay

    d. Mikatsaka fahatakarana bebe kokoa amin'ny alalan'ireo loharanom-pahalalana nofidin' Andriamanitra

11. Manana namana iray ianao izay manana olana amin'ny finoana fa tia azy ary maniry ny hifandray aminy ny Ray any An-danitra sy i Jesoa Kristy. Valio ireto fanontaniana manaraka ireto:
    a. Inona avy ireo zavatra voafaritra mazava tsara izay hanasanao azy mba hataony mba hanaovana asa amim-pinoana?

    b. Ahoana no fomba hanampianao azy mba hijery ny toe-javatra iainany amin'ny fomba fijery mibanjina ny mandrakizay?

    d. Ireo andinin-tsoratra masina fifehezana fotopampianarana dia ohatra amin'ireo loharanom-pahalalana nofidin' Andriamanitra. Inona no andinin-tsoratra masina fifehezana fotopampianarana mety hozarainao aminy? Nahoana?

12. Ao anatin'ireo andinin-tsoratra masina fifehezana fotopampianarana miisa 11 nohalalininao hatreto, iza amin'ireo no nisy fiantraikany indrindra taminao, ary nahoana? Inona no ampianarin'io andinin-tsoratra masina io anao mikasika ny Ray any An-danitra sy an'i Jesoa Kristy?

NY FIANGONAN' I
JESOA KRISTY
HO AN' NY OLOMASIN' NY
ANDRO FARANY

© 2023 an'ny Intellectual Reserve, Inc. All rights reserved. Dikanteny: 2/21. Fandikana ny *New Testament Doctrinal Mastery: Assessment 1.* Malagasy. PD60012661 654. Natonta tany Etazonia Amerika.